# Manoloana ny fihombon'ny krizy sosialy sy ny toe-draharaha politika ahiana hiteraka krizy : ahoana no fomba lavorary hiatrehina ny hetsika an-dalambe , ary inona ny tolo-kevitra azo aroso?

Raha tsy maintsy miatrika ny toe-draharaha ara-toe-karena sy sosialy ny firenena noho ny mbola fisian'ny Covid 19 eto amin'ny firenena sy maneran-tany, manoloana ny firoboroboan'ny fihetsiketsehana politika sy/na ara-tsosialy ary manoloana ny tontolon'ny politika manimba, ny Hetsika ROHY dia tsy afaka hangina ary maneho ny heviny hiarovana amin'ny fomba tsy mitanila sy tsy mizaha tavan'olona ny tombontsoan'ny mponina, tanjona iray izay anisan'ny iraka lehibe sahaniny.

**Fitandroana filaminana, iraky ny mpitandro ny filaminana tsy azo ihodivirana.**

Ny Firaisamonim-pirenena dia mampahatsiahy sy mankasitraka tanteraka ny iraka fitandroana ny filaminana iandraiketan'ny mpitandro ny filaminana mba hisian' ny fandriam-pahalemana sivily, ny fampiharana sy fampanajana ny lalàna ary hiantohana ny fitohizan'ny asa aman-draharaha andavanandro. Iraka sarotra io satria tsy ankatoavin'ny besinimaro, indrindra rehefa misy tsy fahafaham-po mazava, ka miteraka hatezerana eo anivon' ny olom-pirenena, eo amin'ny lafiny fanajana ny zo fototr'izy ireo, izay azo antoka ao anatin'ny Fanambarana Iraisam-pirenena momba ny Zon'olombelona. Faharoa, tsy mba mahazo fankasitrahana sy fankatoavana ny manam-pahefana mampihatra ny lalàna anefa iharan'ny herisetra ara-batana, ary manaraka hatramin'ny ainy mihitsy aza eo amin'ny toerany mandritra ny fihetsiketsehana .

**Ahiahy lalina**

Mamelà anefa anay Firaisamonim-pirenena haneho ny ahiahinay lalina :

- Ny fitandroana ny filaminana ankehitriny dia maka endrika fampiharana ny lalàna diso tafahoatra, ary mampiasa famoretana fa tsy mikendry fisorohana ka manjary mirona amin'ny famerana ny fahalalahan'ny tsirairay raha ny zava-mitranga ankehitriny no jerena. Raha heverin'ny mpitondra ankehitriny fa miaina anaty demokrasia i Madagascar, dia tokony iantohan'izy ireo **ny zon'ny olom-pirenena maneho hevitra, ny zo mizaka hevitra ary ny zo hanao fihetsiketsehana am-pilaminana (araka ny voasoratra ao amin'ny andininy faha-20 amin'ny Fanambarana Iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona) :** satria io fahalalahana io no fomba iray hahafahan'ireo mpisehatra maneho ny fitakiany ary miaro ny zony amin'ny fiainana andavanandro.

- Ny fanaovana fitakiana na fihetsiketsehana amin'ny maha zo fototra azy dia mitaky ny fandraisana andraikitr'ireo mpitandro ny filaminana hanao izay hampizotra izany ao anatin'ny filaminana. Ny tanjona kendrena amin'ny fitandroana ny filaminana dia ny fisorohana izay fihoaram-pefy mety hitarika herisetra sy fanimbana (fiarovana ireo mpisehatra hafa tsy manao fihetsiketsehana *tahaka ny mpivaritra ohatra*) na amin'ireo olona mety hanohitra ny fihetsiketsehana na iza na iza izy ireo (*nomanina sy/na voakaraman'ny mpifanandrina ohatra*) : tsy mizaha tavan'olona na miandany io fiarovana io ary tsy tokony hikendry amin'ny ankapobeny ny fiarovana ara-politika ny tompom-pahefana , anefa hita fa manjaka ny tsy rariny sy ny tsy fahaiza-mitantana.

- Noho izany , manameloka ireo fitaovana nampiasaina nandritra ny fihetsiketsehana nataon'ny mpianatra tao Toamasina ny alakamisy 18 febroary lasa teo izahay : izay niafara tamin'ny ratra tamin'ny andaniny roa sy ny fahafatesana noho ny fampiasana bala tena izy , anefa fantatra fa ny fitaovam-piadiana mahafaty dia voarara. Mahatalanjona ny nilazan'ny Governemanta fa tifi-danitra nahatonga ny fahafatesana noho ny ratra teo amin'ny fe niteraka fahaverezan-dra ( !) [1] . Lavinay koa ny fanamarihana tsy ara-dalàna fa fiarovan-tena no nataon'ilay Polisy nitifitra na dia nampiana ireo lalàna manazava izany, satria ireo mpianatra ireo dia naneho ny fahatezerany mafy tokoa, saingy tsy nitana fitaovam-piadiana mahafaty.
- Ity toe-javatra mampalahelo ity dia mitarika antsika hametraka fanontaniana momba ny fisian'ny kalitao ary ny fampiharana ny fiofanana amin'ny fitantanana demokratika ny hetsiky ataon' ny vahoaka (na gestion démocratique des foules) nomena ny mpitandro filaminantsika.

- Farany, tsy ho hain'ny firaisamonim-pirenena ny hangina manoloana ny toe-draharaha politika manimba ankehitriny, izay misy fiatraikany ratsy amin'ny fiainan'ny vahoaka, na dia eo amin'ny lafiny moraly fotsiny aza :

  - Etsy andaniny, eo ny mpitondra izay mihevitra fa izy ireo no manana ny marina, tsy mahazaka izay tsikera na ahiahin'ny hafa, kely dia kely ny fahavonon' izy ireo maka hevitra sy mihaino, na dia taona 2021 no misy antsika izao, sady marefo ny haitondra (fahaiza-mitantana ny firenena) asehonjareo. Raisin'izy ireo ho toy ny fahavalom-pirenena izay manakiana rehetra toy ny mpanohitra izay voalaza fa « mamboly korontana » sy izay misitraka ny zo hanao fihetsiketsehana. Aminy misy ambadika politika avokoa izay manao fihetsiketsehana [2] na ireo manao fitakiana

[1] Fanambaran'ny Governementa t@ 20 Februoary 2021 tao aorianan'ny Hetsiky ny Mpianatra Toamasina
[2] Ohatra : ny Fanambaran'ny Governementa t@ 20 Februoary 2021 tao aorianan'ny Hetsiky ny Mpianatra Toamasina : « …*atao fitaovana politika hatrany ny Tanora*… »

sosialy aza. Ampiasain'izy ireo ihany koa moa ny mpitandro ny filaminana hiarovana ny tombontsoa politikany.

- Etsy ankilany, ny Mpanohitra izay manan-jo hijoro noho ny demokrasia, ary tokony ho hajain'ny Fanjakana amin'izay maha mpanohitra ara-pomba demokratika azy izay. Na izany aza, manameloka ny fomba fiasan' ireo Mpanohitra izahay, izay toa manao fihetsika mamely mafy am-bava fotsiny ihany fa tsy hita marina izay tena kendren'izy ireo mivaingana sy ho fanatsarana ny fiainam-bahoaka ao anatin'ny fanakianana ataon'izy ireo ny mpitondra : izany tolokevitra azo tsapaintànana izany mantsy no hahafahan'ny olompirenena mino marina ny finiavan'izy ireo hampiseho fa tomponandraikitra marina eto amin'ny firenena.

- Zava-dehibe ihany koa ny mampahatsiahy fa ny tahan'ny tsy fandraisana anjara tamin'ny fifidianana Filohan'ny Repoblika ny 19 desambra 2018 dia nahatratra **51,91%[3]:** maherin'ny antsasamanilan'ny mponina dia nanapakevitra ny tsy hisafidy na an'Andriamatoa Marc Ravalomanana na an'Andriamatoa Andry Rajoelina nandritra ny fifidianana fihodinana faharoa. Ny Hetsika ROHY tamin'ny alalan'ny sampana fanaraha-maso ny fifidianana SAFIDY izay anisany nanentana ny mba handraisan'ny olompirenena andraikitra araka izay tratra tamin'ny fifidianana , dia tsy mankasitraka io tahan'ny tsy fandraisana anjara io . Mampahatsiahy an'ireo mpifanandrina roa tonta sy ny mpomba azy anefa izy fa tokony ho tsy adinonjareo sy raisiny AMPANETREN-TENA io toe-javatra io : tsy manana zo hanambara na ny iray aza fa azy ary voafehin'izy ireo ny firenena iray manontolo, na dia hita fa mameno sy mifehy ny haino aman-jery izy.

Tsapan'ny Hetsika ROHY fa sarotra ny toerana misy ny firenena ankehitriny, araka ilay fomba fiteny malagasy manao hoe « *Mandroso maty raibe, mihemotra maty renibe* » : mbola afaka hanohy hiaina amin'izao toe-draharaha izao ve isika nefa ny mpitondra izay zara raha mihaino sy toa mirona amin'ny tsy refesi-mandidy , dia tsy manome toky velively eo amin'ny lafiny fahaiza-mitantana sy eo amin' ny famaliana ny hetahetan'ny olompirenena.
Inona anefa no làlana hafa azo aleha , ny vahoaka ity efa sasatra niaina krizy lavareny teto amin'ny firenena, na toy inona ny fahafahany niharitra izany hatrizay ?

Mangataka amin'ireo mpisehatra ara-politika izahay mba hisian'ny fahatongavan-tsaina mahery vaika : manainga …

---

[3] http://www.hcc.gov.mg/wp-content/Recap/National.pdf, Valin'ny fifidianana Filohampirenena fiodinana faharoa ny 19 Desambra 2018

- ny antoko mpanohitra mba handray andraikitra kokoa amin'ny alalan'ny fanomezana tolo-kevitra mivaingana sy ny fanekena ny fifampidinihana amin'ny mpitondra,

- ary ny mpitondra ankehitriny mba hifampidinika amin'ny antoko mpanohitra, ary hiroso mazava amin'ny fanarenana marina ny firenena amin'ny alalan'ny fiarahana miasa amin'ireo mpisehatra hafa eto amin'ny firenena dia ny sehatra tsy miankina izay anisany mpamorona harena sy mpamorona / mpiaro ny asa, ny firaisamonim-pirenena rehetra (ireo fikambanana samihafa, ny sendika, ny fiangonana, ny haino aman-jery tsy miankina, …)

Raha sanatria mantsy mitoetra ny krizy vaovao (fikatsoana ny fiainampirenena) , dia ho tompon'antoka tanteraka ny roa tonta : hianjady amin' ny vahoaka amin'ny faritra 22 indray ny olana ara-tsosialy sy ara-toekarena efa tsy eran'ny aina , ary koa ny fahasimbana tsy ho hay sakanana an'ireo soatoavina sy ireo harem-bakoka ara-kolontsaina.

Antananarivo, 23 Februoary 2021